

« MAMADIKA IZAO TONTOLO IZAO »  
Toriteny natokana ho an'ny andro fifadian-kanina sy fivavahana maneran-tany  
Sabata 7 Oktobra 2017

**Vakiteny fototra :** Matio 28:19-20

### **Fampidirana**

Andriamanitra dia manana plana ho an'ity izao tontolo izao ity. Nandritra ny taonjato maro nifandimby dia nify olona Izy mba hiara-miasa Aminy hanatanteraka izany. Androany isika dia hijery sy hanatsoaka lesona avy amin'ny tantaran'ny olona efatra izay nantsoin'Andriamanitra. Manao ahoana ny amintsika izay vahoakan'Andriamanitra amin'izao andro farany izao ?

#### **I. Nehemia**

« Dia vita tamin'ny roa amby dimampolo andro ny manda, dia tamin'ny andro fahadimy amby roapolo tamin'ny volana Elola. Ary rehefa ren'ny fahavalonay rehetra izany, dia raiki-tahotra ny firenena rehetra manodidina anay, sady hitany fa tsinontsinona izy ; ary fantany fa Andriamanitray no nahavitana izany asa izany. » (Nehemia 6:15, 16).

Roa amby dimampolo andro. Vita ny manda. Voafefy ny tanàna. Resy ny fahavaloo. Ary nahazo hery ny vahoaka.

Na dia teo aza ny fanoherana mitohy sy ny fanafihan'ny fahavaloo, dia tsy nisy navelan'i Nehemia hanelingelina azy tamin'ny fiantsoan'Andriamanitra azy sy ny fitarihany ny vahoaka hanorina indray ny mandan'i Jerosalema. Saingy mihoatra lavitra noho ny fananganana ny manda fotsiny ny zava-bitany.

Nitondra fanantenana sy risipo ho an'ny Jiosy ny asa nataony. Niara-niasa izy ireo ary nanao dingana voalohany tamin'ny fanorenana indray ny fainany sy ny fireneny. Tena vonona sy velom-panantenana izy ireo tamin'ny fahazoan'izy ireo nanorina indray ny tranony sy manompo an' Andriamaniny. Hiparitaka tsy ho ela ny resaka, ary babo maro no hiverina hody. Hiroborobo sy handrobona indray ny Israely. Hanorina indray ny tempoly izy ireo ary hanokana indray ny fainany ho an'ilay Andriamanitra izay namonjy azy ireo.

Kanefa ny akon'izany dia tsy ho an'ny Israelita sy vahoaka jiosy fotsiny ihany noho izay nataon'Andriamanitra ho azy ireo. Ireo firenena rehetra manodidina azy ireo dia nahita izany ihany koa. (Andininy 16).

Nanara-maso izany ny firenena manodidina. Fantatr'izy ireo fa babo ny Jiosy. Fantatr'izy ireo ihany koa fa noravana i Jerosalema. Niezaka nanakana azy ireo tsy hanorina indray ny manda ny fahavalony. Saingy na dia teo aza ny fanelingelenana rehetra nataony dia niakatra hatrany ny manda ary voaaro i Jerosalema. Nahita izay nitranga izy ireo ary nahafantatra fa zavatra tokana ihany no fanazavana izany rehetra izany: « ary fantany fa Andriamanitray no nahavitana izany asa izany. » (andininy 16).

Fantatr'izy ireo fa tsy manana fahaizana manokana na hery ambony noho ny hafa ny jiosy. Tsy mpanorina trano tena mahay izy ireo, na koa mpiady mahery. Babo nalefa nody izy ireo. Vahoaka tsotra izay tsy naharesy ny fahavalony izy ireo 70 taona talohan'izao. Izao anefa dia eo ry zareo. Nahavita zavatra goavana tao anatin'ny fotoana fohy na dia teo aza ny fanafihana tsy miato.

Fantatry ny firenena manodidina fa tsy noho ny vahoaka no nahatonga izany fa noho ny Andriamaniny. Izy ireo dia vahoaka tsotra saingy nanana Andriamanitra lehibe sy mahatalanjona izay niasa tamin'ny alalan'izy ireo sy ho azy ireo. Nahagaga sy nampitahotra izy ireo. Iza moa no Andriamanitr'izy ireo ary nahoana Izy no nikarakara ireo vahoaka ireo?

## **II. Petera sy Jaona**

An-jatony taona taty aoriana, tao anatin'ireo manda ireo, dia tonga indray ny fotoana izay nahitan'ireo firenena manodidina vahoaka tsotra nanao zava-mahatalanjona ary niaiky izy ireo fa noho ny Andriamaniny ihany no nahatonga izany.

Tamin'izany fotoana izany dia nitombo ny isan'ny mpanara-dia an'i Kristy tao Jerosalema noho ny asa nataon'i Petera sy Jaona. Ireo mpanarato izay nanaraka an'i Jesosy sy tsy nahomby ireo dia nitory tamim-pahasahiana sy fahefana izay nahatonga ny hafa hijanona sy hihaino. Ny fampianaran'izy ireo dia nahatarika olona an'arivony mba hatao batisa sy hivory mba hianatra sy hivavaka. Arakaraka ny nitomboan'ny fiangonana vaovao, dia nisy zava-mahagaga nitranga.

Indray andro, raha nandeha nankany amin'ny tempoly izy ireo mba hivavaka, dia nahita lehilahy iray malemy tongotra talohan'ny nahaterahany izay nangataka fiantrana teo amin'ny vavahadin'ny tempoly antsoina hoe Itsaratarehy. Ny apostoly roa dia tsy nanam-bola homena azy, fa izay nananan'izy ireo no natolony: ny herin'i Jesosy (Romana 8:11; Efesiana 1: 19-21). Avy hatrany dia "nandehandeha sy nantsambotsambotra ary nidera an'Andriamanitra" ilay lehilahy malemy (Asan'ny Apostoly 3:1-10). Ny olona rehetra izay nahita izany fiovana izany dia gaga. Nihazakazaka nankany amin'i Petera sy i Jaona ny olona. Ary nony nahita izany i Petera dia nanomboka nampianatra momba an'i Jesosy ary niantso ny vahoaka hibebaka sy handray ny famonjena. Ny isan'ny mpino dia nitombo ho 5000 teo ho eo (Asa 4:4).

Saingy tsy ny rehetra no nientanentana tamin'izany.

Ny mpanapaka, ny loholona, ny mpanora-dalàna, ary ny mpisoronabe dia tsy faly. Mbola tsy nahita zavatra toy izany mihitsy izy ireo. Nihevitra izy ireo fa nifarana tamin'ny nanomboana an'i Kristy teo amin'ny hazo fijaliana ny zavatra rehetra, ary nifarana hatreto ny mikasika ity fihetsehana mihamahazo vhana ity. Te-hahalala bebe kokoa izay mitranga izy ireo. « Fahefana manao ahoana, na anarana manao ahoana no nanaovanareo izany? » (Andininy 7).

Tamim-pahasahiana sy tamin'ny herin'ny Fanahy Masina no namalian'i Petera azy ireo. Raha ny tena izy dia niteny tamin'izy ireo izy hoe: « Jesosy no nahatonga izany rehetra izany. »

Ary ireo mpitarika sy mpanora-dalàna ireo dia tsy afaka nandà izany. "Ary nony nahita ny fahasahisahian'i Petera sy Jaona izy, sady nahalala fa tsy mba mpahay lalàna na nampianarina izy roa lahy, dia gaga izy; ary fantany fa niaraka tamin'i Jesosy izy roa lahy. » (andininy 13).

Petera sy Jaona dia mpanarato tsotra fotsiny ihany. Tsy nianatra teo amin'ny sekolin'ny raby izy ireo, na nianatra teo ambany saokan'ny iray tamin'ireo manam-pahaizana na mpampianatra tamin'izany fotoana izany. Izao anefa dia nitory tamim-pahefana sy tamim-pahasahiana ary ny hery manova ny fiaianana izy ireo sady namorona hetsika mahery vaika sy tsy hay hajanona. Antony tokana ihany no mahatonga izany rehetra izany. Niaraka tamin'i Jesosy izy ireo. « Ny fahazavana sy ny fitiavana ary ny herin'ny fitoeran'i Kristy ao anaty no namirapiratra tamin'ny alalan'izy ireo, ka dia gaga ny olona nahita izany. » (Vavolombelona mahery, p. 65).

Rehefa mahatoky Azy ny vahoakan'Andriamanitra ka mandeha amim-pinoana mba hanao izay niantsoana azy ireo, dia hisy toe-javatra hitranga ary ny olona dia hahita an'Andriamanitra amin'ny alalan'izy ireo. Aoka mba ho fanandraman'ny isambatan'olona izany. Rehefa matoky Azy ianao ary manao dingana amim-pinoana mba hanao izay zavatra niantsoany anao na inona na inona, dia hisy fiantraikany eo amin'ny fiainan'ny hafa sy hitondra fanovana eo amin'ny fiainan'izy ireo izany.

Izany no fomba fiasan'Andriamanitra: amin'ny alàlan'ny vahoakany izay manolo-tena.

### **III. Paoly**

Anankiray tamin'ireo mpanaraka an'i Jesosy ny apostoly Paoly. Nandao ny zavatra rehetra izy-ny toerana nisy azy, ny fanajana, ny « fahamarinany »-ary nanao izay zavatra nasain'Andriamanitra hataony. Lasa mpitoriteny mpitety faritra maro izy, matetika izy no nogadraina sy nokapohina kanefa dia tsy nahasakana azy tsy hizara ny mikasika an'i Jesosy izy na aiza na aiza toerana misy azy. Ireo izay nanohitra azy dia nanaiky fa nampiasain'Andriamanitra izy mba hamadika « izao tontolo izao. » (Asa 17: 6).

### **IV. Miantso antsika koa Andriamanitra**

Inona no hitan'ny olona eo amintsika rehefa mijery antsika izy ireo? Inona no ambaran'ny fiainantsika momba an'Andriamanitra? Rehefa miatrika fitsapana na famelezana avy amin'ny fahavaloxa isika, inona no valintenintsika omentsika ny olona momba an'i Jesosy izay resahintsika? Mijery antsika izao tontolo izao. Angamba mety tsy mijery antsika izao tontolo izao manontola, fa misy olona ao amin'ny fianakavantsika, ny toeram-piasantsika, ary ny fiaraha-monina misy antsika izay manara-maso antsika. Manara-maso antsika izy ireo mba hijery ny fahasamihafana nateraky ny fisian' Andriamanitra eo amin'ny fiainantsika- amin'ny fomba manao ahoana no iatrehantsika ireo fitsapana samihafa sy ny fomba itondrantsika ny hafa.

Tsy mampaninona izay maha-ianao anao. Nehemia dia babo izay nanompo mpanjaka vahiny. Petera sy Jaona dia mpanarato, mpiasa tsotra. Nisy fotoana najain'ny mpitarika teo amin'ny fiarahamonina nisy azy i Paoly, saingy ankehitriny dia nohamavoin'izy ireo izy. Andriamanitra anefa dia mbola miantso ny tsirairay amin'izy ireo sy miantso ny tsirairay avy amintsika koa. Miantso ny tanora, ny antitra, ny nahita fianarana sy ireo

izay tsy nahita fianarana koa, ny mpanankarena sy ny mahantreko Izy. Mbola miantso ny vahoakany ankehitriny koa Izy mba hamadika izao tontolo izao, hanorina indray ny fiainana, hanomboka hetsika mba hizara ny Aminy-ny tantarany, ny famonjena atolony, ny fitiavany, mba hiaina fiaianana izay manambara Ilay Andriamanitra mahery izay tia sy miaro ny vahoakany ary miasa amin'ny alalan'izy ireo mba hahatonga izany hisy fiantraikany eo amin'izao tontolo izao. Ny antsony dia mitovy ho an'ny tsirairay avy amintsika. « Koa mandehana ianreo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary amin'ny Fanahy Masina, sady mampianatra azy hitandrina izay rehetra nandidiako anareo; ary, indro, Izaho momba anareo mandrakariva ambara-pahatongan'ny fahataperan'izao tontolo izao. »(Matio 28:19, 20).

Miantso antsika aloha Izy mba hanana fifandraisana manokana Aminy. I Nehemia, i Petera, i Jaona ary i Paoly dia afaka nanao izay nataon'izy ireo satria nanana fifandraisana tamin'Andriamanitra izy ireo. Izy ireo dia niaraka Taminy-amin'ny mahaolona azy ireo na tamin'ny alalan'ny fianarana sy ny fivavahana. Ny laharam-pahamehana voalohany ho antsika dia ny fanokanana fotoana hiarahana amin'i Jesosy. Izany dia tsy fanaovana lisitra fotsiny ireo zavatra izay heverintsika fa tokony hataontsika eo amin'ny fifandraisana Aminy amin'ny fomba manokana sy tena manova antsika.

Avy eo Izy dia miantso ny tsirairay avy amintsika mba handeha. Samy manana anjara andraikitra ny tsirairay avy amintsika. Manana tantara izay tokony hozaraina mikasika izay zavatra nataon'Andriamanitra teo amin'ny fiaianantsika isika. Tena tsotra izany. « Modia ihany... ka lazao aminy izay zavatra lehibe nataon'ny Tompo taminao sy ny namindrany fo taminao. » (Marka 5:19). Izy dia nanome antsika tsirairay avy fanomezam-pahasooavana mba hamporisika sy hampandehana ny asan'ny fiangonana (1 Korintiana 12). Ny fanamby napetrany ho an'ny tsirairay avy amintsika dia ny tsy hiheverantsika fa tsy dia manana ny lanjany loatra – na koa mavesa-danja – noho ny an'ny hafa ny fandraisantsika anjara ka mahatonga ny hafa hihevitra fa ilaina isika. Noforonina ho amin'izao fotoana izao mihitsy isika, mba hampisy fahasamihafana.

Raha manao izay rehetra niantsoiny antsika isika, dia hampiasa izany Izy mba hanova izao tontolo izao. Tahaka izay nataony tamin'i Nehemia, i Petera, i Jaona ary i Paoly. « Raha amin'ny alalan'ny finoana velona sy masin'ny fankatoavana ny tenin' Andriamanitra, no hanambarantsika ny fitiavana sy ny fahasoavan'i Kristy, raha asehontsika fa azontsika ny hevity ny fitarihan'Andriamanitra eo amin'ny asany, dia hitondra hery mandresy lahatra eo amin'izao tontolo izao isika. Ny fananantsika toerana ambony dia tsy manome lanja antsika eo imason'Andriamanitra. Ny olona dia refesina amin'ny fanoloran-tenany sy ny fahatokiany amin'ny fanatanterahana ny sitrapon' Andriamanitra. Raha mandeha eo anatrehany amim-panetren-tena sy amim-pinoana ny vahoakan'Andriamanitra sisa, dia hotanterahiny amin'ny alalan'izy ireo ny fikasany mandrakizay, ary ataony izay ahafahan'izy ireo miasa amim-pirindrana amin'ny fizarana ny fahamarinana amin'izao tontolo izao tahaka izay avy amin'i Jesosy. Hampiasa ny lehilahy sy ny vehivavy ary ny ankizy rehetra Izy-mba hahatonga fahazavana hamirapiratra eo amin'izao tontolo izao, sady miantso ny olona mba hanao ny marina amin'ny fitandremana ny didiny. Amin'ny alalan'ny fampiharan'ny olona ny finoana Azy, dia ampahafantarin'Andriamanitra amin'izao tontolo izao fa Izy no Andriamanitra

marina, ilay Andriamaniry ny Isiraelly. » (Ellen White, Testimonies for the Church, Boky Faha-9, p. 274).

Andriamanitra dia miantso antsika mba hampahafantatra Azy amin'izao tontolo izao. Vonona ve ianao ny hamadika izao tontolo izao?

### **Famaranana**

Nehemia dia tany an-tanin'olona, babo sady nanompo mpanjaka vahiny. Andriamanitra no nanohitna sy nampitodika ny fony ho any amin'ny tanànanary ary niantso azy mba hitarika ny fanorenana indray ny manda. Tsy nisy na inona na inona navelan'i Nehemia hanelingelina ny fanaovany io asa io. Ny vokatr'izany dia nahafantatra an'Andriamanitra ireo firenena nanodidina an'i Jerosalema.

Voaantso hitory teny i Petera sy i Jaona. Tsy navelan'izy ireo hisakana azy ireo tamin'izany ny tsy fananan'izy ireo fanabeazana ampy na ny tsy fananana'izy ireo toerana teo amin'ny fiaraha-monina. Nitoy tamim-pahasahiana izy ireo ary nanasitrana ny olona tamin'izay rehetra nalehany. Tsy nampijanona azy ireo ny fandrahonan'ireo mpitarika ara-pivavahana. (Tsy nahasakana azy ireo tsy hitory na dia tany am-ponja aza izy ireo). Ny vahoaka dia nanaiky fa ny antony tokana nahazoan'izy ireo nanao izany dia ny fiarahan'izy ireo tamin'i Jesosy.

I Paoly sy ireo maro hafa koa dia namadika izao tontolo izao.

Miantso antsika koa Andriamanitra mba hanao tahaka izany : « Mandehàna ianareo dia manaova mpianatra. »

Antso sy vavaka.